## Ny Valosoa sy hadihady

### 3 taona nitondran-dRajoelina

# Miady ny laharana gisitra hatrany i Madagasikara

Mibosesika tsy misy fitsaharany ny loza mihàtra eto amin'ity Nosy ity, ka mikorisa manapa-dàlana sy mandrodana trano ary mamono olona, toy ny tany voton-drano ny toe-javatra eo amin'ny sehatra rehetra. Araka izany dia midaraboka avy eny ambony ny toekarem-pirenena sy ny faripiainan'ny Malagasy ary ny fiainana ara-tsosialin'ny ankamaroan'ny olompirenena. Nanaovan'ny fitondrana antso avo ny be atidoha gasy (cerveaux) maneran-tany hanafaka ity Firenena ity, ao antin'izao fahantrana tsy roa aman-tany izao, ary hanandratra avo ny lafimpiainan'ny vahoaka, sy hanova ny tantaram-pirenena, ka ho sangany eto anivon'ny Ranomasimbe Indiana sy manerana izao tontolo izao i Madagasikara. Manitsaka ny faha efatra taona nitondrany ny filohan'ny Repoblika Rajoelina, sy ny atidoha miara-miasa aminy kanefa dia mitodika aty tokoa ny mason'izao tontolo izao, satria miady gisitra ity Firenena manana harena tsy an-kibon'ny tany ihany, fa an-dranomasina sy ambonin'ny tany ihany koa. Mitodika aty ihany koa ny mason'izao tontolo izao, ka mahita ny loza mihàtra eto ka ankoatry ny areti-mandoza, covid 19, izay iaharan'ny firenena rehetra mizaka dia iainan'ny Malagasy ihany koa ny kere, ny tsy fandriampahalemana sy ny fahantrana ary manampy trotraka izany ny tondra-drano amin'izao fotoana izao. Nanambara ny filohan'ny Repoblika, fa noho ny fiovaovan'ny toetr'andro no niteraka ny kere any Atsimon'ny Nosy. Tsy nanao na inona na inona niadiana tamin'izany ihany koa, hono, ny mpitondra nifandimby tato anatin'ny enim-polo taona. Izy kosa hametraka fantsona hitarihana rano hoentina manondraka ny tany famokarana sy hamatsiana rano fisotro madio ny mponina sy ny biby fiompy. Efa tamin'ny taona 2020 izay efa taonan'ny asa ihany koa ka angamba, ao anatin'ny fepotoana efatra mbola angatahiny vao ho vita ity tetikasa ity. Mitombo ny isan'ny lavon'ny kere amin'izao fotoana izao, ka soa ihany fa tsy tany Atsimon'ny Nosy no nandalo ny rivodoza « Anna ». Miiba fito faingo roa (-7,2) ny harinkarena faobe tamin'ny taondasa ary efa nanafosafo ny dimy arivo ariary ny « euro » iray, ka ny valanaretina covid 19 no nanilihan'ny fitondrana ho antony nahatonga izany, kanefa vola efa nananika ny iray miliara dolara no natosaky ny mpiray antoka ara-teknika sy ara-bola (PTF) nentina niady tamin'ny ity valanaretina ity. Tsy voafehy ity valanaretina ity, na dia nodradradradraina koa aza, fa maro ireo CSB sy hopitaly manarapenitra natsangana manerana ny Nosy. Tsy nisy ozinina niorina teto amin'ny Firenena na iray aza, mba hanomezana asa ny tanora kanefa ny orinasa gasy efa mitsangana indray no takiana hetra mihoa-pampana, izay midika ho famonoana ankolaka azy ireo, satria sarotra ny famotehana mivantana toy ny nanaovany ny orinasan'ny filoha Ravalomanana Marc. Takiana haban-tseranana ny orinasa afakahaba kanefa dia izay no nandrisika ireo mpandraharaha nampiasa ny volany ao amin'ity sehatra ity. Mampidi-bola vahiny ho an'ny Firenena anefa ny vokatra aondran'ny orinasa afakahaba, izay mampiakatra ny sandam-bola ariary. Manampy trotraka izany ny fanafarana entana ilain'ny mponina andavanandro (PPN), fa tsy ny vokatra eto an-toerana no atao izay fomba rehetra hanangonana azy, mba tsy hanipazana ny vola vahiny eny amin'ny varavarakely. Tondraka ny rano manerana ny Faritra maro manerana ny Nosy, ka aman'alina ny traboina ary raha ny eto an-drenivohitra manokana dia nitsidika ny teny amin'ny Kianja mitafon'Ankorondrano ny filohan'ny Repoblika sady nampandry adrisa, fa tsy maintsy mifanohana ny Malagasy ary amin'ny toe-javatra toy izao no fampisehoana izany. Nilaza ihany koa izy fa hanome « tosika fameno » ho an'ny traboina rehefa miverina any an-tokantranony izy ireo. Ny zava-doza anefa dia mbola manavakavaka ihany ity "filohan'ny Malagasy" rehetra ity, satria izay manana "karnempokontany manarapenitra" ihany no hisitraka izany. Fe-potoam-piasana iray (un mandat) ihany dia efa ho tratra ny tanjona ho an'ny mpitondra amin'izao fotoana izao dia ny fanapotehana ny firenena, fa miandry fe-potoam-piasana efatra, roapolo taona kosa, vao hisy masoandro hihiratra ho an'ny valala be mandry izay hantenaina fa ho fohazin'ny hanohanana, satria ny tsy fananana mahazaka maniraka, raha izao mpitondra tsy mahay mitantana, tsy manana vina ireo izao, no sanatriavina mbola hitondra eo.

***Andry Tsiavalona***

**ANTOKO TIM**

# Manatona hatrany an-tranon' ireo traboina

Tsy mijery fotsiny ireo traboina vokatry ny andro ratsy teto amintsika farany teo ireny, ka niteraka tondra-drano, sy fihotsahan'ny tany, teto Antananarivo sy ny manodidina ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), fa nitondra ireo voatsirambin'ny tanana ho an'ireo traboina ireo. Nirobo-drano, tonga hatrany an-tranon'ireo olona tra-boina ny avy amin'ity antoko najoron'ny filoha Marc Ravalomanana ity, notarihan'ny sekretera jeneralin'ny nasionalin'ny antoko Rina Randriamasinoro, sy ny mpandrindra nasionaly Jean Claude Rakotonirina. Nitondra fanampiana izy ireo tao amin'ny Boriboritany faha-3 sy tao amin'ny Boriboritany faha-6, araka ny toro-mariky ny filoha mpanorina ny antoko: nitondra vary, menaka, savony, labozy,… sy ireo zavatra ilain'ireo mponina ireo, amin'izao fahasahiranana lalina mahazo azy ireo izao. Mbola hiitatra amin'ireo Boriboritany hafa eto Antananarivo, sy ny manodidina, izao fanampiana ataon'ny antoko TIM ny traboina izao. Ankoatra izany, hitondra ny anjara birikiny, hanampy ireo vehivavy TIM traboina koa ny Vehivavy TIM amin'ny faritra Analamanga, tarihan'ny filohany Rahelisoa Arphine. Omaly izy ireo no nanangona ireo fanampiana hatolotra amin'izany, izay homena ireo vehivavy TIM traboina ny zoma ho avy izao. Ny fanampiana hataon'izy ireo dia tsipaipaikan'ireo mpikamabana, sy fanampian'ireo malala-tanana koa: na ny avy eto an-toerana izany, na ny avy any ivelany.

***Isambilo***



***Ny avy amin'ny antoko TIM, nitondra fanampiana ho an'ireo mponina traboina, amin'ny faritra iva eto an-drenivohitra.***

Faritra avo

# Misangy loza hatrany ny fitondrana ka ny vahoaka no mahita faisana

Mahafinaritra an-dRajoelina sy ireo mpiaradia aminy ny manao hetsika tsy amim-piheverana eny amin'ny faritra avo, indrindra fa ao amin'ny Rovan' Antananarivo sy ny manodidina azy.

Ny Sabotsy 11 Desambra 2010 nametrahana ny Repoblika fahaefatra dia niakatra teny Anatirova ny Filoha ankehitriny mivady nanao fitafy, naka endrika mpanjaka izy roa , ireo mpiambina azy indray dia nampitafiana ny fanamiana fanaon'ny miaramila tamin'ny fahampanjaka. Mahatsikaiky ny toejavatra toy izany satria, fametrahana ny sata repoblikana no natao tamin'io andro io, kanefa dia toa kilalao mpanjakampanjaka no hita , marihina fa nandritra ny fitondrana tetezamita no tsy hita nanjavonana ilay satroboninahitrin'ny mpanjakavavy, izay tsy mbola hita hatramin'izao.

Ny 19 Janoary 2019 indray no nanao fianianana tetsy Imahamasina Ingahy Filoha amin 'izao fotoana izao, ny harivan'io dia nikasa hanapoaka afomanga ao Anatirova ireo mpitondra vaovao, saingy tsy tanteraka izany fa voasakan'ny orana, ary io alina io dia nianjera ny vatobe roa niteraka fatiolona izany, raha araka ny fomba dia tokony ho tsy azo atao intsony ny manapoaka afomanga ao, satria efa afo no nandrava ny Rova .

Valo andro taorian'io indray ny Alahady 27 Janoary 2019 tapakandro maraina, dia tonga tao Anatirova Ingahy Filoha, niaraka taminy tao koa Ramatoa Minisitra Lalatiana, miadidy ny kolontsaina sy ny serasera. Herintaona taorian'izay dia nitsangana ilay '' Colisée de la honte'', izay notsipahan'ny olompirenena manantsaina rehetra, ny azo antoka dia tamin'io fidirana tao Anatirova io no nanomboka ny fiketrehana ny hananganana ilay'' Colisée''izay fanotana fady tanteraka ny Rova.

Ny Zoma 06 Novambra 2020 nahafeno 25 taona katroka ny nahamay ny Rovan'Antananarivo dia nofafan'Ingahy Filoha tanteraka ny tantara, ka novainy ho Rovan'i Madagasikara ny anaran'ilay Rova izay nimatimatesan'ireo mpanjaka nifandimby nanomboka tamin'ny 1610 namoronan'ny mpanjaka Andrianjaka ny Tanànan'Antananarivo.

Ny soratra Antananarivo izay fantsihana eo amin'ireo vatobe eo Ampahamarinana, izay efa nesorina nandritra ny fotoana naha Ben'ny Tanàna an'i Neny Lalao Ravalomanana , mbola naverin'ireo mpamantsika an'Antananarivo indray ankehitriny, tsy mahagaga raha mikomy mitady lalana ianjerana ireo vatobe .

Nandritra ny fihaonan'Ingahy Filoha tamin'ireo tompon'ny haino vaky jery teny Iavoloha no nanitrikitrihany mafy , fa tsy maintsy atao hono ilay teleferika, ka izay mitsipaka izany dia tsy tia fandrosoana. Efa nambara teto amin'ny gazetintsika fa ny lalan'io fitaterana mihantona io, dia mitovy amin'ny zotra nandehanan'ny fanafihana nataon'ny tafika frantsay izay niainga tey Ambatobe , niakatra an'Ankatso avy eo dia nitifitra namely ny Rova sy ny faritra avo, ny dikan'izany dia fanamasinana ny fandresena azon'ny frantsay fahiny ny fanganana io fitateranana hamoa-doza io . Izao anefa dia terena hiala eny amin'ny faritra avo ireo mponina eny, satria atahorana hono ny fianjeran'ireo vatobe, izay tsy mbola nandalovan'ny teleferika akory dia efa mampihorin-koditra.

Manana ny tantarany sy ny hasiny ny toerana rehetra indrindra fa ny Rovan'Antananarivo sy ny faritra manodidina azy , saingy indrisy fa sendra izay mpitondra manaotao foana , tsy mahalala afa tsy izay isehosehoana hatrany , ka ny tena mamohehitra dia ireo vahoaka monina eny amin'ny faritra iharan'ny fanosihosena no mizaka ny tsy eran'ny aina, ka ny vahaolana maharitra sy hampilamina dia tsy misy afa tsy ny famerenana ny anarana hoe Rovan'Antananarivo , ny fanesorana ny soratra Antananarivo fantsihana eo amin'ny vatobe ary ny goavana indrindra dia ny fampitsaharana ilay tetikasa teleferika sy ny fandravana ilay '' Colisée de la honte''.

***Ny Valosoa***

## TONONKALO

## NY LOHANY INDRAY NO MATSATSO

Rehefa mpitondra no tsy modely
Tahaka ny ataonao ry boaikely,
Dia mino izahay fa tsy hanarangarana
Sy tsy hisy eto ny fivoarana !

Hanao arovava aza dia tsy mety.
Manivaka foana , te ho vedety ?
Dia inona izany no hevitrao
Amin`ny hanasaziana ireo tsy manao ?

Raha ny amin`ny fanaovana vaksiny,
Dia tena ianao no mahazo tsiny
Raha toa mbola telo amin`ny gasy zato
No hany nanao izany tato ho ato !

Ianao no fitaratra ho amin`izany,
Jeren`ireo olona ery ambany.
Kanefa tsy tantiny sy tsy tohany
Rehefa tsy ianao indray no indro "lohany"!

Ka aoka ho fianarana ho an`ny hafa
Rehefa mijoro ary koa mitafa,
Fa aza manivaka n`aiza n`aiza
Tahaka ny zaza tsy tsara taiza !

***TSIMIMALO (24-01-22)***